# Mino isika fa tokony hankatò ny lalàn'ny fitondram-panjakana any amin'izay ipetrahantsika

Vakio ity rafi-tantara manaraka ity.

Raran'ny fitondram-panjakana any amin'ny toerana anaovan'i Dalia asa fitoriana ny fizarana ny filazantsara ivelan'ny trano fiangonana. Mahatsiaro ho kivy izy satria fantany fa misy olona hanaiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ao amin'ilay tanàna raha toa ka afaka miresaka malalaka kokoa momba izany izy. Mikasa ny hiresaka mangingina amin'ny olona eny an-dalana izy mba hampianarana azy ireo momba ny Mpamonjy.

- Inona no hataonao manoloana izany toe-javatra izany?


Vakio ireto andinny manaraka ireto ary eritrereto ny fomba mety hanampian'izy ireo an'i Dalia hahatakatra ny zavatra tian'ny Ray any An-danitra hataony.

Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 58:21–22

Fanekem-pinoana 1:12

1 Timoty 2:1–3

Mba hahitana ny fomba namalian'ny Mpamonjy ny mety hisian'ny fifandirana teo amin'ny fitondram-panjakana sy ny fivavahana, dia vakio ny Matio 22:15–22 sy ity teny manaraka ity izay nolazain'ny Filoha Dallin H. Oaks ao amin'ny Fiadidiana Voalohany:



> Na dia manaja ny lalàn' Andriamanitra aza ny mpino rehetra dia manaiky koa ny ankamaroan'izy ireo fa ny lalàna sivily dia voatendrin' Andriamanitra ihany koa. Nanome didy i Jesoa Kristy Tompo hoe: "Aloavy ho an'i Kaisara ary izay an'i Kaisara; ary ho an' Andriamanitra izay an' Andriamanitra" (Matio 22:21). Araka izany, dia tsy maintsy mankatò an'ireo lalàna *roa* ireo isika, araka izay azo atao. Rehefa misy fifandirana miharihary dia tsy maintsy mikatsaka ny hampirindra azy ireo isika. Rehefa tena tsy mahay mifanaraka izy ireo, dia tokony hiaraka amin'ny hafa mitovy hevitra amintsika isika amin'ny fiezahana hanova ny lalàna sivily hifanaraka amin'ny sitrapon' Andriamanitra. Mila mitandrina tsara isika amin'ny zava-mitranga rehetra alohan'ny hanapahana hevitra—amin'ireo toe-javatra tsy fahita firy—handa ny iray mba hanomezana vahana ny iray hafa. (Dallin H. Oaks, "The Boundary between Church and State" [lahateny natao tamin'ny Fihaonamben'ny Fitsarana Sacramento/Klerjy Faharoa, 20 ôkt. 2015], newsroom.ChurchofJesusChrist.org)

Valio ireto fanontaniana manaraka ireto.

- Inona no nianaranao ka afaka manampy an'i Dalia hahatakatra fa tokony hanaja ny lalàna any amin'ny toerana anaovany asa fanompoana izy?

- Nahoana araka ny eritreritrao no fitsipiky ny filazantsaran'i Jesoa Kristy ny fankatoavana ny lalàna eo amin'ny toerana ipetrahanao?

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY

© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_463-1